# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Aogositra 2019

# 27 Talata aogositra

**Ry Mpihaino vavaka ô, Ianao no hohatonin'ny nofo rehetra.** Salamo 65. 2

**Izany no aoka hivavahan'ny tsara fanahy rehetra aminao, amin'izay andro hahitana Anao.** Salamo 32. 6

**Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko ; maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho.**
Salamo 5. 3

## Vavaka isan-karazany (1)

Amin'ny vavaka, ny mpino dia miteny amin'Andriamanitra, Ilay Andriamanitra Mpihaino vavaka, Tsitoha, ary tia ireo izay mitoky aminy. Hatramin'izay izany ny vavaka dia loharanon-kery lehibe ho an'ny mpino tamin'ny vanimpotoana rehetra.

Ny Baiboly dia mitaona ny mpino mba hivavaka :

— *Ho amin'ny zavatra rehetra* (Filipiana 4. 6) : Tsy misy ny atao hoe kely loatra na tsy misy dikany, amin'Andriamanitra ; ho antsika dia antony hivavahana avokoa ny antsipirian'ny fiainantsika andavanandro.

— *Eny amin'ny toerana rehetra* (1 Timoty 2. 8) : Manerana ny toerana rehetra Andriamanitra, mahita antsika, mandre antsika, koa dia afaka miresaka aminy isika, na aiza na aiza misy antsika.

— *Amin'ny fotoana rehetra* (Salamo 5. 3 ; 141. 2) : Na maraina na hariva, na andro na alina, dia tsy matory na oviana na oviana Andriamanitra ; mihaino mandrakariva Izy, ka afaka miresaka aminy amin'ny ora rehetra isika.

— *Amin'ny vanimpotoana rehetra* (Salamo 62. 8 ; Efesiana 6. 18) : Manomboka amin'ny fahazazana ka hatramin'ny fahanterana, dia mifandimbindimby ireo „vanimpotoana" eo amin'ny fiainana : fotoana mahasambatra na sarotra, fifaliana na fizahan-toetra, fotoana maha manirery na fiainam-pianakaviana… Fa Andriamanitra kosa dia tsy miova, ary loharanon-kery tsy tapaka ny vavaka.

— *Amin'ny fivavahana rehetra* (Efesiana 6. 18) : Mety hanana endrika maro isan-karazany ny vavaka : fangatahana tsotra, fitalahoana mafy, antso vonjy, famborahana ny ao am-po, hiakampahoriana, fanontaniana, fisaorana, fiderana sy fitsaohana…

Ao amin'ny Baiboly dia ahitana mpino maro mivavaka. Hojerentsika mandritra ny herinandro vitsivitsy ny sasantsasany amin'ireny vavaka ireny, izay maneho ny maha maro karazana io loharanon-kery napetraka eo am-pelatanantsika io.